## Ny Valosoa sy hadihady

### Fiainam-pirenena

# Midangana tsy misy fiafarany ny vidim-piainana

Tena maro tokoa ny atidoha ao amin'ny fitondrana amin'izao fotoana izao. Mampiseho ny fahaizany manodinkodina ny sain'ny olona tsy hifantoka amin'ny tranga misy ihany koa ny filohan'ny Repoblika. Iaraha-mahalala mantsy, ho an'ireo mpandeha any amin'ireny toeram-pandihizana ireny, fa raha variana amin-javatra hafa ny mpandihy dia ovain'ny mpampandihy ny lanton'ny mozika hanaitra ny rehetra. Mazava ho azy fa adino ilay nahavariana, ka mifantoka amin'ny haroso indray. Mitovy tsy misy valaka amin'izany no itondran-dRajoelina Andry sy ny ekipany ny fitantanana ny Firenena sy ny fanodinkodinana ny sain'ny vahoaka tsy hifantoka amin'ny tranga iray izay tena misy fiantraikany ratsy, tsy eo amin'ny Firenena ihany fa eo amin'ny fiainan'ny mponina ihany koa. Tsiahivina, ary tsy tokony hadinoina, ny nataon'ny fitondrana raha vao nisy olona nitondra ny valanaretina covid-19 voalohany. Nanaitra ny mpitondra izay nisaina, fa tsy ho voasakana intsony ny aretina ka tsy maintsy tokony nidina ny sisintany. Tsy noraharahian'ny mpitondra anefa izany, na mbola nisy olona nandrasana ny fiverenany, ka nitohy ihany ny sidina avy any ivelany ka nihàtra ny loza. Navoaka ny didy momba ny hamehana ara-pahasalamana, ka nentin'ny mpitondra nandemy ny saim-bahoaka izay nanakiana mafy tokoa dia nankalazaina fa nahita fanafody mahomby, CVO, niadiana tamin'ny covid-19. Nozaraina maimaimpoana ny "fanafody", ka tonga hatramin'ny firenena avy atsy Afrika naka ny fanafody ka nitodika taty Madagasikara tokoa ny mason'izao tontolo izao saingy, ny nifanohitra tamin'ny nantenaina ny vokatra, ka nangarika sy naneso ireo neverina nanao komandy. Tsy tonga irery tokoa ny loza ka namely mafy tany Atsimo ny kere. Nitsoaka tsy azo nosakanana avy any ny ankamaroan'ny mponina ka niazo ny Renivohitra sy ny Avaratry ny Nosy. Manana fahaizana manokana amin'ny fampandriana adrisa ny filohan'ny Repoblika ka nidina tany an-toerana ary nanaratsy ny mpitondra nifandimby ho tsy nanao na inona na inona niatrehana ity loza ity, ka nampandry adrisa ary nanova ny mozika mikorontana ho milantolanto, ka hametraka fantson-drano avy any Avaratra entina manondraka ny tany sy hanomezana rano fisotro madio ho an'ny mponina sy ny biby fiompy. Tsy nampiova na inona na inona teo amin'ny fiainam-bahoaka ny toky nomen'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina, ka asa lanton-kira inona indray no homeny ny vahoaka any. Ny faran'ny taona 2020 dia niseho ny fahafahaham-baraka noho ilay volamena 73,5 kilao tratra tatsy Afrika Atsimo. Nataon'ny mpitondra avokoa ny fomba rehetra nialàna tamin'ny ho anisan'ny tomponandraikitra azy amin'ity raharaha ity. Na izany aza dia niezaka nifampiraharaha tamin'ny mpitondra ao Afrika Atsimo ny hamerenana ny volamena, sy ireo gasy telo lahy nitondra izany. Tsy nisy vokany anefa izany herintaona mahery aty aoriana. Harena be an'ny Firenena no very kanefa ny Malagasy no tokony hisitraka izany ary nentin'ny mpitondra nanodina ny saim-bahoaka tsy hifantoka tamin'izany dia nipoitra tampoka ny raharaha Apollo 21. Azo heverina fa ny làlan-tsaina tamin'ity raharaha ity dia ny hoe tsy misy vidiny izany volamena 73, 5 kilao izany, raha oharina amin'ny ain'ny filohan'ny Repoblika misy mifofo, ka hoadinoina ilay harena be lasa rano sy ny famotorana momba izany. Tsy niandry ela fa fotoana fohy dia voasambotra ary niakatra fitsarana ireo voampanga ho voasaringotra tamin'ity raharaha ity. Tsy mbola hita ary tsy nahazoana vaovao kosa ny atidoha, na ny dahalo ambony latabatra niketrika ity trafika ity. Midangana tsy misy fiafarany ny vidim-piainana, ka nanome baiko ny filohan'ny Repoblika fa tsy maintsy nidina izany tao anatin'ny telo andro. Rano natondraka teo ambony lamosin-gisa izany baiko izany, ka mba tsy nifatratra tany amin'ity mpanome baiko ity ny rihitra rehetra dia novainy indray ny baiko ka nanome baiko ny tenany nanafatra sambo roapolo isa hitondra ireo zavatra ilain'ny mponina andavanandro izay hiteraka fidinan'ny vidin'entana. Firy ary izao ny sambo tonga ? Tratra tao Comores indray ny volamena 49 kilao. Gasy roalahy indray no tratra nitondra izany. Ny mahamaika ny mpitondra dia ny famerenana ireo teratany gasy ireo eto an-tanindrazana hatao famotorana. Ny volamena tsy mbola fantatra izay hihafarany. Navily tamin'ny loza hafa indray ny saim-bahoaka ka nisy nanapoaka ny fitaovam-pamokarana rianaratra tao Andekaleka. Araka ny nolazain'ny filohan'ny Repoblika dia efa nisy olona niresaka taminy, hono, ny taona 2018, nangataka vola nentina nanaovana zavatra mitovy amin'ity tranga ity. Tsy nanaiky hono izy kanefa mety misy olona (ao amin'ny fitondrana?) nanaiky dia izao nitranga izao ny loza. Ny loza, hono, tsy tonga irery ary toa misy fifandrifian-javatra amin'ny trafikam-bolamena sy ny tranga misy eo amin'ny fiainan'ny filohan'ny Repoblika manokana, ka tokony hitandrina ihany satria tsy misy, hono, ny "roa" raha tsy misy ny "telo".

***Andry Tsiavalona***

Fanokafana ofisialy ny taom-pambolen-kazo

# Tsy nipoitra tany Mahanoro Rajoelina

Na dia efa natao be filaza tamin'ny haino aman-jerim-panjakana sy ny radio sy ny televizionan-dRajoelina aza, fa hanokatra ny taom-pambolen-kazo amin'ny fomba ofisialy tany Mahanoro faritra Atsinanana omaly, ny Filoha Rajoelina, dia tsy nipoitra tany an-toderana izy tamin'ny ora farany. Raha fanokafana fambolen-kazo izany tokoa aloha dia tsy tena andraikiny mivantana, fa saika ho be lazao tany indray izy, satria nitsingerina omaly ny 19 janoary, andro nanamarihana ny faha-3 taona nahateo amin'ny fitondrana azy. Ny ministry ny tontolo iainana no nitarika ny fotoana tany, niaraka tamin'ny ministry ny fiaravam-pirenena sy ny ministry ny filaminam-bahoaka ary ireo olom-boafidy, sy solontenam-panjakana avy amin'ny faritra Atsinanana iny. Ny marainan'ny omaly vao nisy ny fanambarana avy amin'ny fiadidiana ny Repoblika, nilaza fa tsy hamboly hazo tany Mahanoro sy tao Iavoloha indray Rajoelina:"manoloana ny loza mihàtra amin'ny fiakaran'ny rano eto Antananarivo sy manerana ny Nosy dia nahemotra ny fanombohana ny fambolen-kazo tokony notanterahina any Mahanoro sy ao Iavoloha androany. Nisafidy ny hamonjy ireo mpiray tanindrazana izay traboina vokatry ny rotsak'orana ny Filoha Andry Rajoelina. Hisy ny fivoriana maika ho tanterahina androany miaraka amin'ireo minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta sy ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny hametrahana ny paik'ady hiatrehana izao hamehana izao". Raha arak'ity fanambarana ity, tsy nanaraka ny fanambaran-dRajoelina sy ny fiadidiana ny Repoblika izany ny tany Mahanoro, satria notanterahana tany ihany ny fambolen-kazo, ny fanambarana anefa nilaza fa hahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fanokafana ofisialy.

***Stefa***



**Fiainam-pirenena**

# Ireo ...manga manome endrika ratsy ny fitondrana Rajoelina

Na dia manjombona tsy mbola nisy toy izao aza ny toe-piainan'ny Malagasy, nandritra ny enimpolo taona namerenana ny fahaleovantena, dia « manga » foana ny lanitra ho an'ny vitsy an'isa manampahefana. Mibaribary toy ny tafika andrefan-tanàna tokoa izany ho an'ireo manana anarana miafara amin'ny « manga » na rakoto izany na ravato. Mpanohana tsy misy fepetra an-dRajoelina Andry izy ireo, satria ny iray dia mpanefoefo mitovy laharana amin'ny vahiny mpandraharaha eto amin'ny Nosy, ka manindry ny mpandraharaha malagasy misehatra eo amin'ny fanangonana sy fanondranam-bokatra. Ny ankilany kosa dia miezaka mandresy lahatra ny mpiray Firenena, fa efa mandroso Madagasikara satria efa be ny zava-bita sy eo andàlam-panatanterahana kanefa tsy ho tontosa ao anatin'ny fepotoana dimy taona iasan'ny filoha, hono, ny « velirano » teloambinifolo rehetra. Mila roapolo taona, na fe-potoam-piasana efatra misesy, izany hono vao ho hita sy hisongadina ny zava-bita raha ny nambaran-drakoto « manga ». Raha fotodrafitrasa no resahina dia tsy niandry taona iray dia tafatsangana ny kianjan'ny « Omby » (Barea) eo Mahamasina, ka nandaniana fito ambifitopolo tapitrisa dolara. Toa vola nindramina tany amin'ny sinoa no nanaovana azy raha nanantena ny vola nampanantenain'ny Fifa ny mpitondra. Toy izany koa ny « Colisée » ao amin'ny Rovan'i Manjakamiadana, kanefa maizina tanteraka ny tetibola nolaniana tamin'ny nananganana azy. Tsy nampamanga ny fiainam-pirenena eo amin'ny sehatra rehetra ny nahavitan'ireo fotodrafitrasa ireo fa nampisava ny rahona matevina eo amin' ny fiainan'ny olombitsy ao amin'ny fitondrana izany. Efa manomboka tokoa ny fanapariahana ireo « vary tsinjo » ataon'ilay orinasa SPE, natsangan'ny fitondrana. Hamidy dimanjato sy roarivo ny iray kilao kanefa tsy mitondra fampandrosoana eo amin'ny seha-pamokarana, na eo amin'ny sehatra ara-pidiram-bolan'ny tantsaha malagasy izao ataon'ny mpitondra izao. Tsy maintsy novidiana tany amin' ny firenena vahiny ny vary satria nafarana, izany hoe mamelona ny mpamokatra any ivelany, fa mambotry ny tantsaha malagasy kosa. Raha miakatra avo telo heny ny fitaterana (fret) araka ny nolazain'ny avy ao amin'ny minisiteran'ny fitaterana, ka nandrisika sy nampivoatra ny fiainan'ny tantsaha malagasy raha nentina nanangonana ny vokatra teto an-toerana ny vola lany tamin'ny fanafarana. Ny tena mahavariana dia lokom-boasary no hita eo amin'ny gony misy ny vary, izay midika fa manga ny lanitra ary mibaliaka ny masoandro ho an'ny mpitondra, fa vao mainka mivangongo ny rahona ho an'ny tantsaha maro an'isa eto amin'ny Firenena. Mibananaka ny sisintany ary toa mifatotra tongotra aman-tànana ny mpiaro ny sisintany, ka afaka mamoaka tsy amin' ahiahy ny harem-pirenena ny mpivarotra Tanindrazana. Manaporofo izany ny volamena 73,5 kilao tratra tatsy Afrika Atsimo, sy ny 49 kilao voasakana tatsy Comores, ankoatr' ireo fanondranana iraikambinifolo araka ny fanambaran'ny tomponandraikitra tao amin'ity firenena ity ihany. Tsy resahina ny trafikana andramena (bois de rose) naondrana tamin'ny tetezamita. Tsy mahagaga raha sahy nanambara ny filohan'ny tetezamita, fa na tsy nahazo fanampiana avy tamin'ireo mpiara-miombonantoka (PTF) aza ny fitondrana tamin' izany dia nahatsangana fotodrafitrasa maro, izay tsy mbola niseho masoandro moa ny lisitra. Tsy ireo mpitrandraka volamena, mitrongy vao homana, no afaka manao izao trafika izao, ka na inona na inona lazaina dia angamba, hiangona eo amin'ny lanitr'ireo namita iraka sy ny manodidina azy (raha ho sahin'ny mpitondra ny hipaingotra azy ireo) ny rahona mainty fa manga kosa ny lanitra ho an'ireo dahalo ambony latabatra, satria azo antoka fa ireo efa tafavoaka dia hampibontsina ny kaontiny any ivelany any. Izao izany angamba vao hanomboka hiasa tsara sy hiasa mafy ny mpiaro ny sisintany kanefa amin'ny fe-potoampiasana fahafiry vao tena ho fongotra tanteraka izao gaboraraka izao. Noho ny ataon'ny zanakolombelona ihany no mahatonga ny toetr'andro miovaova, ary ny ataon'ny politisiana ihany koa no mahatonga ny toe-draharaha politika mitsimbadimbadika, ka ireo mahita lanitra « manga » sy fibaliakan'ny masoandro ankehitriny kosa dia hiaina ao ambany rahona mainty sy ho tandindonin-doza amin'ny fotoana tsy hampoizina.

***Andry Tsiavalona***